# ALAHADY 29 MAR 2020

**« Ary rehefa voasambotra Jaona, dia nankany Galilia Jesoa nitory ny filazantsaran'Andriamanitra ka nanao hoe: Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara ». Marka 1 :14-15**

**MIBEBAHA IANAREO KA MINOA NY FILAZANTSARA.** Izany no hafatra androany ry havana ô. Eo anatrehan'io corona virus io, maro amintsika no manontany, manontany tena, mifanontany : inona ary no tokony atao ? Dia miteny mazava, miteny mahitsy ny Tompo hoe : **MIBEBAHA IANAREO KA MINOA NY FILAZANTSARA.**
Tsy manamaivana an'izay hoe fandaminana ataon'ny mpitondra fanjakana, tsy manamaivana ny geste barrière fitandremana sy ny karazany ; efa hainareo tsara ny momba an'izany. Fa ny Tompo no miteny androany, amin'izao ora izao hoe : **MIBEBAHA IANAREO KA MINOA NY FILAZANTSARA**. Raha lazaina amin'ny teny hafa izany ry havana dia hoe : eo anatrehan'izao corona izao, inona no tokony atao ? **MIALÀ AMIN'NY RATSY FANAONAO ARY AVELAO JESOA HANJAKA TANTERAKA AO AMIN'NY FONAO. MIALÀ AMIN'NY RATSY FANAONAO ARY AVELAO JESOA HANJAKA TANTERAKA AMIN'IZAY AO AMIN'NY FONAO.**

Misy fanamarinana tahak'izao ry havana ety am-panombohana. Ilay hafatra hoe « mibebaha », tsy vaovao amintsika izany. Fa saingy izao : misy olona mahafantatra tsara ny hafatra momba ny fibebahana nefa tsy mahay mibebaka tsara. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe tsy hainy izany atao hoe mibebaka izany. Diso hevitra izy ry havana, tahaka ny maro satria tsy ny fibebahana no mamonjy ahy aloa, tsy ny fankatoavako an'Andriamanitra no mahatonga ahy ho « en règle » amin'Andriamanitra aloa. Fa ahoana ary ? Ny zavatra nataon'Andriamanitra tao amin'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana voalohany ; ny finoako fa ho ahy, noho ny fahotako no tsy maintsy niakaran'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana faharoa : izany no mamonjy ahy, izany no manavotra ahy, izany no manamarina ahy. Ka Andriamanitra ry havana, izay nanapa-

kevitra hamonjy ahy, nanome an'i Jesoa Kristy mba tsy ho very izaho, mba tsy ho very izaho haneho Azy, no nanome ihany koa ny Fanahy Masina, ny Fanahy Masina, mba hananako izany finoana izany. Izy manko no tompon'ny finoana. Izy no manome ny finoana. Manome ny Fanahy Masina Izy mba hanananao izany finoana izany, manome ny Fanahy Masina Izy mba hanananao koa fibebahana ry havana ô. Izany hoe, averina tsara : tsy misy antony ny finoana, tsy misy antony ny fibebahana, tsy misy antony ny fankatoavana raha tsy misy aloa ny hazo fijaliana. Ny hazo fijalian'i Kristy ry havana no anton'ny zavatra rehetra, ary mialoha ny zavatra rehetra avy amin'ny olombelona. Izany hoe : ny finoako izany dia hoe fanehoako fa Andriamanitra dia naniraka an'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana ho ahy, ka voavonjy aho. Ny fibebahako ? Ny fibebahako dia famantarana fa azoko tsara fa izaho nosoloin'i Jesoa heloka teo amin'ny hazo fijaliana. Ny fankatoavako ? Ny fankatoavalo dia fanehoako fa ny hazo fijaliana no nanamarinana ahy, ni-justifié-na ahy, ka efa en règle amin'Andriamanitra aho noho io hazo fijaliana io ry havana ô.

Nisy misionera tena nanana ny maha-izy azy tamin'ny taona 1810-1820 ; misionera amerikana izy io, misionera batista izy io, nandany 30 taona tamin'ny fiainany tany amin'ny tany izay Birmanie amin'izao fotoana izao. Izy no namaky ilay tany ; dia rehefa niverina tany Etats-Unis izy, nanao tatitra momba ny asany, namarana ny carrière-ny izany, dia nitoriteny izy . Inona no nasongadiny tao amin'ilay toriteny ? Ny nasongadiny tao amin'ilay toriteny dia hoe : Jesoa Kristy zanak'ondry hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Nahindrahindran'ilay misionera antsoina hoe Adoniram Judson, ny hoe : Jesoa Kristy nisomo heloka antsika teo amin'ny hazo fijaliana. Izay no nasongadiny ry havana ô. Dia nisy madama nanatona azy nony tapitra ny toriteny : « Pasitera an, somary nahadiso fanantenana ahy ny toriteninao. Eny e, tsara ilay izy, fa efa fandre, efa fandre. Nanantena zavatra hafa aho ». Dia hoy Judson tamin'ilay madama : « izaho tompoko tsy manana zavatra hafa ho toriana afa-tsy ny hazo fijalian'i Jesoa, ary Jesoa voahombo teo amin'ny hazo fijaliana. Azoko natao ny nijoro

vavolombelona aty nampiseho anareo sary-na toerana amin'ny carte, misy ny fasana hilevenan'ny vadiko any Birmanie any fa tsy nataoko izany. Ary eo akaikin'ny fasan'ny vadiko, dia ny fasana hilevenan'ny zanakay 4 izay natao zezika ho an'ny filazantsara. Tsy noteneniko izany. Azoko tantaraina koa ny isan'ny Fiangonana natsangako tany Birmanie tany, ny isan'ny olona notaomin'ny Tompo tany Birmanie tany. Tsy izany no zava-dehibe. Ny zava-dehibe dia io hazo fijaliana niakaran'i Jesoa io, hisolo heloka ahy, hisolo voina anao. Ary izany no votoatin'ny filazantsara. Ary satria misy an'io hazo fijaliana io, dia afaka manatanteraka ny baikon'i Jesoa manao hoe : **MIBEBAHA IANAREO KA MINOA NY FILAZANTSARA ».**

Andeha ary ry havana ampatsiahivintsika ireo dingana 5 amin'ny fibebahana. Zavatra efa fantatra moa, fa aleo averina satria ny Soratra Masina dia milaza ihany koa hoe : « Mahasoa antsika ny teny averina ». Misy dingana 5 amin'ny fibebahana ry havana :

1. Ny fiaikena heloka na « conviction de péché »
2. Ny fifonana na « conviction du/des péché(s) »
3. Ny fialana amin'ny ratsy na « abandon du mal »
4. Ny fanekena tanteraka an'Andriamanitra na « complète soumission à Dieu »
5. Ny faharetana amin'izany toe-po sy toe-panahin'ny fibebahana izany na « persévérance dans une attitude constante de repentance »

Andao ary jerentsika ny dingana voalohany amin'izany fibebahana izany, rehefa nazava ohatran'izay ny toeran'ny fibebahana ao amin'ny fiainam-pinoana sy ny famonjena.

**<u>1. Ny fiaikena heloka na « conviction de péché »</u>**

Maro ry havana ny olona tsy mety miaiky heloka, manamari-tena hoe izao sy izao sy izao sy ny karazany. Ary izany no nahatonga an'i Davida niteny hoe : « Raha nangina aho, dia nihalany ny taolako rehetra, noho ny fitarainako mandrakariva ». Nialany, tsy azony ny ainy, nialany ny taolany, mitaraina mandrakariva izy, navesatra taminy andro aman'alina ny

tanan’Andriamanitra, nalemy izy : Salamo 32 : 3-4. Fa Andriamanitra ry havana ao amin’ny Isaia 44 :22 dia mbola milaza ihany hoe : « Izaho efa nandevona ny fahadisoanao tahaka ny fandevona ny zavona, ary ny fahotanao tahaka ny rahona;
Koa miverena amiko, fa efa nanavotra anao Aho ».
Ny fahotana tsy ekena dia toy ny mampanjavona ry havana ny fiainantsika. Ny fahotana tsy ekena ry havana, dia toy ny manamaizina ny fiainantsika.
Fa izao ry havana, izao : ny Fanahy Masina mamonjy antsika e. Ary ianao manamari-tena io, tsy miaiky heloka io : mampalahelo ny Fanahy Masina ianao. Ary Izy malahelo io, ilay alahelony ampidininy ao amin’ny fonao, hiteraka halahelo noho ny fahotana. Ary izay ilay alahelo lazain’ny Apostoly Paoly any amin’ny 2Korintiana 7 hoe alahelo araka an’Andriamanitra izay miasa ho fibebahana. Izay ry havana ô : aza toerina ny Fanahy Masina mitarika anao ho amin’izany fiaikena heloka izany, fa hoe raha ianao, tsy hiaiky heloka izany ianao. Dia eto ve izao ry havana misy miteny hoe : « ka izaho aloa dia tsy hitako mihitsy izay heloka tokony hiaikeko e. Mandinika ny fiainako aho, tsy manota aho, tsy mijangajanga aho, tsy mamono olona aho, tsy manao kolikoly aho ». Ry havana ô, izay indrindra izany orgueil-anao izany, izany arrogance-nao izany izany fiheveranao tena ho zavatra izany, izany fisainanao hoe tsy mila an’Andriamanitra izany ao amin’ny fiainanao ; izany indrindra e, izany indrindra ry havana ô, no tokony hibebahanao. Na miteny aza ianao hoe en plus an’izany rehetra rehetra izany, ny fotoanako, ny volako, dia laniko amin’ny fanaovana soa ho amin’izay mila an’izany ; hoy Isaia aminao : tahaka ny lamba fihosin-drà izany fahamarinanao izany. Ilay mihosin-drà, dia hoe ràn’ny fadim-bolan’ny vehivavy. Mihosin-drà, Isaia 64 :5, izany fahamarinanao izany ka miteny aminao ny Tompo amin’izao hoe : miaike heloka, miaike heloka amin’izay. Ary baikon’ny Tompo izany.

Ny dingana faharoa amin’ny fibebahana ry havana dia hoe :

**2. Ny fifonana na « confession du/des péchés »**

Mifonà amin'Andriamanitra – Mifonà amin'ny olona nanotanao raha misy occasion. Fa na ahoana na ahoana, fara-fahakeliny : mifonà amin'Andriamanitra. Nahoana no hoe « mifonà amin'Andriamanitra » ?
Davida ry havana, tamin'ilay nifona izy tao amin'ilay Salamo malaza be, Salamo 51, dia miteny izy hoe : « Taminao dia taminao ihany no nanotako », taminao Andriamanitra ô. « Taminao dia taminao ihany no nanotako ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko».
Ilay zanaka adala ao amin'ny Lioka 15 ry havana, rehefa nody ny sainy ka tapa-kevitra izy hoe hody any an-tranon'ny rainy, dia miteny izy ao amin'ny Lioka 15 :18 hoe : « Hiainga aho, dia hody any amin'ny raiko ka hanao aminy hoe:
Raiko o, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ». «Efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ».
Izany hoe ry havana : na fijangajangana, na famonoana olona, na fausse facture, na izay mety ho fisolokiana, fanodinana volam-panjakana, ny kolikoly kely, ny kolikoly be : ambara amintsika eto hoe : fahotana amin'Andriamanitra izany. Ary fahotana, ota atao eo anatrehan'Andriamanitra. Ary miteny aminao Izy amin'izao maraina izao, hoe : mifonà e, mifonà e. Izay ny endrika faharoa, dingana faharoa amin'ny fibebahana.

Ny dingana fahatelo dia izao :

**3. Ny fialana amin'ny ratsy na « abandon du mal »**

Miteny aminao ny Tompo amin'izao maraina izao, hoe : mialà amin'ny ratsy fanaonao. Inona no tokony atao eo anatrehan'io corona io ? Mialà amin'ny ratsy fanaonao.
Ny olona miala amin'ny ratsy fanaony ry havana, izany no olona nibebaka marina. Ka rehefa mibebaka marina ianao, dia maharikoriko anao ny fahotana. Tsy hoe maharikoriko anao « en théorie », fa tena hoe maharikoriko anao « dans la pratique ». Raha maka ohatra isika izao, hoe : misy zaza, ankizy – milalao eo izy, dia may ny fatapera tampoka. Vao mahita an'ilay fatapera izy amin'ny manaraka rehefa milalao ao an-dakozia ao na ao an-tokontany an, tonga dia matahotra ary dia mandositra an'iny. Izay ilay hoe : rikoriko na matahotra an'ilay fatapera

izy. Maka ohatra isika izao hoe : misy olona voaendaka izy, satria avy any am-piangonana namonjy fivoriana na fotoam-bavaka – dia voaendaka izy teny an-dalana hodiana. Matahotra izy, mihorohoro izy : « izaho Pasitera tsy vitako intsony ny hariva fa efa fanindroany aho izao no voaendaka ». Ohatran'izay ilay olona nibebaka marina : tena hoe matahotra ka te handositra ny fahotana. Ny fiovana teo amin'ny fiainany ? Taloha izy nihazakazaka manatratra fahotana ; izao izy, mihazakazaka mandositra fahotana ry havana ô. Ary rehefa tahaka izany ry havana, rehefa hoe tena ao am-pontsika noho ny asan'ny Fanahy Masina, noho ny fahatsiarovana an'ity hazo fijaliana natsangana ho antsika ity ; dia tena hoe sarotiny isika, ho saro-piaro, ohatra, amin'ity lelatsika ity isika hoe : an an an, aoka izay ity lainga ity ka ; aoka izay ity laingalainga ity ka. Tena hitandrina fatratra aho, ary mivavaka aho rehefa maraina : « amin'ity journée vaovao omenao ity Tompo, arovy, arovy fatratra aho mba tsy hiteny ratsy anao, mba tsy handika ny teninao ». Ary ny olona tena hoe te hiala amin'ny ratsy fanaony, rehefa mivavaka izy ny hariva, dia tena hoe feno fifonana momba izay heloka sy fahotana nataony indray tamin'io androny farany io. Eo anatrehan'ny corona ry havana ô, inona no tokony atao ? Mialà amin'ny ratsy fanaonao.

Hitantsika teo izany hoe : ny fiaikena heloka – ny fifonana – ny fialana amin'ny ratsy.

Ny dingana faha-efatra :

**<u>4. Ny fanekena tanteraka an'Andriamanitra na « complète soumission à Dieu »</u>**

Ekeo tanteraka Andriamanitra ry havana ô. Ankatoavy tanteraka Izy. Inona no tokony atao eo anatrehan'ny corona ? Ekeo tanteraka Andriamanitra, ankatoavy tanteraka Izy. Izany no azo andikana ny hoe : « Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara ». Ny filazantsara dia milaza fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Ka io teny ataon'io Marka 1 :15 io hoe : « mibebaha ianareo ka minoa

ny filazantsara », dia fisarihan'i Jesoa ny saintsika, amin'izao fahamarinana manaraka izao, hoe : izao tontolo izao ; ny lanitra sy ny tany moa izany no antsoina hoe izao tontolo izao ; dia Andriamanitra no nahary azy araka ny làlàna mifehy izany fanjakan'Andriamanitra izany. Averiko indray hoe : ny tian'ny Tompo isarihina ny saintsika dia izao fahamarinana manaraka izao, hoe : izao voary manontolo izao dia fehezin'Andriamanitra ary fehezin'ny làlàna izay napetrak'Andriamanitra. Ary rehefa manaraka an'izany làlàna napetrak'Andriamanitra izay isika, mankatoa tanteraka, dia : loharanom-pitahiana izany fankatoavana izany. Ary fantatsika tsara ny Deoteronomia 28, hoe manatratra antsika ny vintana. Fantatsika tsara ry havana fa rehefa tsy manaraka ilay làlàna fizika isika ohatra, dia miteraka ratra, fahasimbana, na fahavoazana izany. Ary io tsy miankina amin'ny hoe mino an'Andriamanitra na tsy mino an'Andriamanitra. Na mino an'Andriamanitra ianao, na rebelle ianao, na athé ianao, misy foana ny làlàna napetrak'Andriamanitra dia « la loi de la gravité ». Raha avy ery ambony tafon-trano ery ianao, na ery amin'ny tilikambo ery ianao no mitsambikina : maty ianao, na rebelle ianao, na athé ianao, na mino ianao. Izay ilay lazaintsika hoe ampatsiahivin'i Jesoa antsika ny làlàna mifehy ny fanjakan'Andriamanitra fa mifehy izao tontolo izao izay misy antsika izao. Dia ohatran'izany koa ry havana ; izay ilay làlàna fizika. Fa ny làlàna morale mibaiko ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, mibaiko ny fifandraisantsika amin'ny samy olombelona, dia Andriamanitra koa no nametraka an'izany. Ohatra : napetrany hatrany am-boalohany ary nopotehin'ny devoly hatrany am-boalohany ny fampianarana sy ny làlàna mifehy ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy, hoe mifankatia anatin'ny fanambadiana ary dia hoe omen'Andriamanitra fara sy dimby ho fitahiana vokatr'izany fanambadiana izany. Rehefa hoe arahinao izay, dia mirindra tsara ary mampivelatra ny fiainan-tokantrano. Fa rehefa tsy arahinao izay lamina napetrak'Andriamanitra izay : simba ilay fifandraisan'ilay lehilahy sy ilay vehivavy ary miteraka fahasimbana, miteraka aretina sy fahasimban'ny vatana mihitsy

koa aza izany. Izay no itenenan'i Jesoa hoe : «minoa ny filazantsara » : ankatoavy ilay Mpanjaka, ankatoavy izay làlàna rehetra napetrany fa hahasoa anao izany. Hoy ilay mpitoriteny anankiray izay hoe : ianao, hoy izy, afaka misafidy ny anorina ny fiainanao, ny tokantranonao, ny ankohonanao eo amin'ny vatolampy na eo amin'ny fasika. Fa raha misafidy ny fasika ianao : tsy afaka hisafidy ny vokatr'izany hoe fahamarinana eo amin'ny fasika izany. Ary tsarovy hoy izy, fa ianao, jamais ianao afaka hi-brisé izany làlàn'Andriamanitra izany. Jamais ianao afaka hi-brisé an'izany didy 10 izany ; fa ny làlàn'Andriamanitra, ny didiy 10 no hi-brisé anao.
Izay izany ilay dingana faha-efatra amin'ilay fibebahana, hoe : ankatoavy tanteraka ilay Mpanjaka amin'izany fanjakan'Andriamanitra izany sy ny làlàna rehetra napetrany, na ny làlàna fizika izany, na ny làlàna morale.

Ny dingana faha-dimy farany ry havana dia ny hoe : manànà faharetana amin'izany toe-po, toe-panahin'ny fibebahana izany.

**<u>5. Ny faharetana amin'ny toe-po, toe-panahin'ny fibebahana na « persévérance dans une attitude constante de repentance ».</u>**

Faharetana amin'ny toe-po, toe-panahy tia fibebahana. Izany hoe maharitra amin'ny toe-po na toe-panahin'ny fibebahana izany dia azo lazaina amin'ny teny hafa hoe : meteza ho zanaky ny fibebahana.
Ny hoe zanaka moa ao amin'ny Baiboly ry havana dia milaza toetra, fomba fisainana, fomba fiaina, fomba fanao. Meteza ho zanaky ny fibebahana, araka ilay fahamarinana fahadimy teo, hoe maharitra amin'ny fibebahana.
Misy olona ry havana, inoana fa androany vao nahatakatra marina ny tena toeran'ny fibebahana ao amin'ny fiainam-pinoana sy amin'ny famonjena. Isaorana ny Tompo izany an.
Misy olona efa nahafantatra an'izany ary efa miaina an'izany. Fa isika rehetra dia asaina maharitra amin'izany fibebahana marina izany. Fa tsy hoe androany 29 Mars no mahare an'izany hafatra izany, dia tena mibebaka amin'ny fontsika manontolo.
Misy olona ry havana, efa nandalo an'izany hoe fibebahana

marina izany. Ary tamin'ny fotoan'andro, voatsindrona tam-pony tamin'ny teny tahaka izao. Dia nibebaka, ary tena nafana, tena nangotraka, nirehitra ho an'i Jesoa. Nefa mifanena aminy ianao aty aoriana, dia hoe taitra, na renao amin'ny mpiara-miangona, amin'y mpiara-manompo hoe nihemotra anie Ra-anona, ary tena niha-nangatsiaka tsy mampino ange Ra-anona e. Tsy maha-vavaka intsony izy, tsy maha-sokatra Baiboly intsony izy, efa amam-bolana izy izay no tsita tokoa any am-piangonana dia miverina any amin'izao tontolo izao. Dia inona ny zavatra mitranga ? Any amin'izao tontolo izao izy. Dia indray andro, tairin'ny tenin'Andriamanitra indray. Dia miverina ao amin'Andriamanitra indray, miverina ao amin'ny Tompo. Kanefa nihemotra indray dia mangatsiaka. Inoako ry havana fa samy mahafantatra olona ohatran'izany isika, ary hantenaina, sanatria an'izany, tsy ianao izany. Fa maninona ary misy olona mihemotra tahak'izany nefa nisy fotoana izy tena hoe nibebaka marina ? Maninona, maninona ? Satria tsy nodioviny tanteraka ny fiainany. Tsy nodioviny mandrakariva ny fiainany. Araka ny Tononkiran'i Solomona 2 :15, hoe : navelany hisy amboahaolo kely, navelany hisy renard kely. Hoy ny Tononkiran'i Solomona 2 :15 : « Sambory ny amboahaolo, dia ireo amboahaolo madinika izay manimba ny tanim-boaloboka; Fa efa mamony izao ny voalobotsika ». Ianao, ohatrany tsy tandritandrinao, tsy raharahianao ilay amboahaolo kely ao amin'ny fiainanao. Mamono izay mba voa amin'ilay voaloboka eo amin'ny fiainanao, ary farany, mamono an'ilay voaloboka mihitsy ry havana ô. Tandremo hoy ny Tompo ireo amboahaolo kely ireo fa ireo no toy ny hoe amboahaolo kely mihinana na mikiky ilay câble électrique eo amin'ny fiainantsika ; dia farany tapaka ny courant ; dia ataonal hoe : oay, délestage indray ity. Tsy délestage ry havana ô, fa toy ny interrupteur nopihina mihitsy, dia maty ilay jiro. Maty ilay jiron'ny fifandraisanao amin'ny Tomponao satria tsy nodiovinao tanteraka, tsy nodiovinao mandrakariva ny fiainanao, dia simban'ny amboahaolo izany fiainanao izany.

Mamarana isika ry havana. Taminy nanomboka ny asany tety an-tany Jesoa ry havana dia nandidy hoe : **MIBEBAHA IANAREO KA MINOA NY FILAZANTSARA**. Tena niteny milamina izy, niteny

tamin’ny fahefana Izy. Fa izao ry havana : amin’ny alalan’ity corona ity izy dia mikiakiaka amintsika manao hoe : **MIBEBAHA IANAO KA MINOA NY FILAZANTSARA.** Mikiakiaka, midradradradra Jesoa amin’ny alalan’io corona io ry havana ô. Izany ny dikan’io corona io. Hafatra tsy tian’ny Fiangonana, hafatra tsy tian’ny mpitondra fivavahana maro koa izany hoe : mibebaha izany. Nefa izay ilay hafatra, izay no votoatin’ny filazantsara : miantso ho amin’ny fibebahana. Any Londres any ry havana, misy magazay malaza, malaza be ohatran’itony hoe Cora, Jumbo itony, hoe Marks & Spencer. Mivarotra akanjo izy, mivarotra zavatra be dia be. Malaza be satria tsara qualité, no amin’ny vidiny mirary. Dia be olona be. Dia nisy mpanompon’Andriamanitra nijoro vavolombelona, fa ny antso voarainy dia hoe mitory fibebahana eo ivelan’ny magazay i Marks & Spencer. Dia ahoana ny paoziny manao an’ilay fibebahana ? Dia hoe misy mpanao an’itony panneau publicitaire an sandwich itony, izany hoe : atsofony eo aloa dia mihantona ao aoriana ; izany hoe milatsaka eto anoloana, dia any aoriana izany. Dia eo aloa sy ao aoriana : « raha tsy mibebaka ianareo dia ho ringana ». Izay ilay izy ry havana : « raha tsy mibebaka ianareo dia ho ringana ». Dia inona ny zavatra notantarainy ? Ry zareo hoy izy tsy miteny, fa izay hoe manatona, dia omena tract anohizany an’ilay hafatra. Fa inona ny zavatra nitranga ? Tazaniko ilay olona avy ery alavitra ery, asa hamonjy parking, fa mandalo eo anoloako izy. Eo izy varimbariana eo mandeha amin’ilay direction misy an’ilay parking tômôbile, fa vao nahita an’ilay hafatra izy hoe : « raha tsy mibebaka ianareo dia ho ringana », dia hitanao fa miova ny fihetsiny, miova ny fijeriny, tsy sahy mijery an’ilay hoe : « mibebaha ». Fa inona no ataony ? Izay mitondra zanaka kely dia amboariny kely ny volon’ilay zanany, ialana amin’ilay panneau. Izay tsy manana zanaka, manana ilau caddie ngeza be, dia mampirina ny entana ao anaty caddie mandra-pandehany. Ny sasany mijery tampoka poster ery amin’ny vitrine ery, sns… Tsy zakan’ny olona ry havana ô, izany atao hoe mpanota izany izy. Tsy zakan’ny olona izany atao hoe : rehefa tsy mibebaka ianao dia ho any amin’ny helo ianao. Tsy misy te handray an’izany

hoe hay ve izaho ity mety ho lasa any amin'ny helo. Azy izany, azy izany. Fa ny ahy sy ny anao, dia hoe : mibebaha, mibebaha ! Ny tompo miteny ao amin'ny Asan'ny Apostoly 17 :30, hoe : « Andriamanitra ankehitriny mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka ». **TSY OPTION NY MIBEBAKA, FA DIDY.** Ary Izy mandidy io, mikiakiaka araka ilay notenenintsika teo. Hoy ny and.31 hoe : satria Andriamanitra efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny, dia hoe Jesoa Kristy maty teo amin'ny hazo fijaliana, nalevina ary nitsangana tamin'ny maty, nakarin'Andriamanitra any an-danitra ary mipetraka eo an-kavanany ankehitriny. Io izany no lehilahy notendreny hoe hitsara izao tontolo izao amin'ny fotoan'androny. Ry havana : tsy tia anao ho very ny Tompo. Izay no nanirahany, nanaterany, izay ilay voambolana biblika, nanaterany io corona virus io. Ary noho izany, dia isaory Izy noho io corona io. Isaory Izy noho io confinement io, mba hananananao fotoana bebe kokoa ho Azy, iomananao ho amin'izay fiainanao any, na fiainana vokatry ny coronavirus izany, na fiainana any aoriana.

Ho aminao ny fahasoavan'ny Tompo. Amena.